**Communiqué de presse des Organisations de la Société Civile**

Antananarivo, le 27 novembre 2025 – Deux mois après le début du mouvement populaire du 25 septembre, qui a vu la jeunesse malgache et les citoyens se soulever pour réclamer un changement profond au prix d'au moins vingt-deux vies[1], **l'espoir d'un véritable renouveau démocratique s'amenuise**. Les Organisations de la Société Civile (OSC) signataires de ce communiqué expriment leur plus **vive préoccupation** face à une trajectoire qui semble **privilégier la continuité des pratiques du passé plutôt que la rupture attendue par le peuple**. Même si l'on peut comprendre l'urgence d'agir afin d'assurer une continuité des services publics et la tenue de certains engagements internationaux, cette urgence ne saurait servir à blanchir ou perpétuer des pratiques condamnables du passé.

## Des Signes Inquiétants de Continuité

Les citoyens, qui ont placé leur espoir dans ce changement, voient se multiplier les signes d'une gouvernance qui ignore les principes de concertation et de transparence. Nous constatons avec regret :

- Des décisions unilatérales majeures, notamment la nomination du gouvernement et la présentation d'une Politique Générale de l'État (PGE) sans aucune consultation préalable des forces vives de la nation[2].
- Des **signaux alarmants sur des dossiers** d'une extrême sensibilité, en particulier l'intention déclarée par un Haut Conseiller de la Refondation d'envisager la vente des stocks de bois de rose pour renflouer les caisses de l'État[3]. Une telle initiative irait à l'encontre de l'embargo international de la CITES en vigueur depuis 2013 et risquerait de légitimer des années de pillage de nos ressources naturelles.
- La libération de détenus ou l'impunité de trafiquants politiciens sur la base de critères qui manquent de transparence, alimentant un **sentiment d'injustice et d'anarchie**.
- Les **violations de la Constitution** encore en vigueur, avec, par exemple, le lancement d'un appel à recrutement pour les Chefs de région, qui devraient être élus[4],

[1] Revue Esprit, « Madagascar : espoirs et interrogations », novembre 2025. Disponible sur : https://esprit.presse.fr/actualites/elisabeth-racinet/madagascar-espoirs-et-interrogations-46306

[2] Madagascar-Tribune, « Refondation : Herintsalama Rajaonarivelo présente un calendrier politique prudent », 19 novembre 2025.

[3] Madagascar-Tribune, « L'Etat envisage la vente des stocks de bois de rose pour renflouer les caisses », 24 novembre 2025. Disponible sur : https://www.madagascar-tribune.com/La-vente-des-stocks-de-bois-de.html

[4] Article 154 de la Constitution de la Quatrième république

Ces actes posent une question fondamentale :

- Avons-nous changé les visages pour conserver les mêmes méthodes ?
- Le sacrifice de nos jeunes aurait-il été vain ?

### Une Transition sans Cadre ne peut Mener qu'à l'impasse

Le pouvoir actuel, issu d'une intervention militaire et légitimée par une décision (n°13-HCC/D3) de la Haute Cour Constitutionnelle qui a rendu « envisageable » une transition de deux ans[5], **ne peut se substituer à la souveraineté populaire.** Madagascar est entré de fait dans une période de Transition. Or, une Transition crédible et apaisée exige des **règles claires, validées par tous** :

- Une durée définie et non extensible.
- Des structures légitimes et inclusives.
- Un mécanisme partagé pour conduire la refondation et préparer des élections libres et transparentes.

### Nos Appels Solennels

Face à l'urgence de la situation, nous, Organisations de la Société Civile, en appelons à la responsabilité de chacun :

1. **Aux autorités de la Transition**

   Ne trahissez pas l'espoir immense placé en vous. L'urgence absolue est l'**organisation immédiate des consultations préalables pour définir et encadrer la Transition,** comme nous l'avons proposé. C'est **la seule voie** pour asseoir votre légitimité et garantir la stabilité.

2. **Au FFKM**

   Vous avez été officiellement mandaté pour piloter la concertation nationale [5][6]. Nous vous demandons de **clarifier publiquement et sans délai** votre méthodologie, votre calendrier et les garanties d'indépendance et d'inclusivité de ce processus. Votre rôle de médiateur est crucial et historique.

3. **Aux forces vives de la Nation et à tous les citoyens**

   Restons mobilisés, vigilants et exigeants. **Le changement ne sera effectif que si nous le portons collectivement.**

Nous rappelons que nous sommes prêts à apporter notre appui technique pour garantir la transparence, l'inclusion et l'efficacité de ce processus. Des termes de référence clairs ont déjà été soumis aux autorités.

**L'Histoire nous regarde. Ne ratons pas ce rendez-vous avec notre avenir.**

---

[5] allAfrica, « La HCC valide une transition prolongée à Madagascar », 7 novembre 2025. Disponible sur : https://fr.allafrica.com/view/group/main/main/id/00094682.html

[6] Midi Madagasikara, « Concertation nationale : Le FFKM officiellement mandaté pour conduire les consultations », 22 novembre 2025.

**Les OSC signataires**

Alliance Voahary Gasy

BIMTT

CCOC

Hetsika Rohy

Liberty 32

MSIS Tatao

ONG Ivorary

ONG Ravintsara

PFNOSCM

SIF

## Fanambaràna avy amin'ireo Fikambanan'ny Firaisamonim-pirenena

**Antananarivo, faha 27 Novambra 2025**

Roa volana taorian'ny fiandohan'ny hetsika nasionaly tamin'ny 25 Septambra, hetsika izay nanehoan'ny tanora malagasy sy ny olom-pirenena ny faniriany ho amin'ny fiovana lalina ka nahafatesana olona roa amby roapolo farafahakeliny, dia mihakely ny fanantenana ho amin'ny tena fanavaozana demokratika. Maneho ny ahiahiny fatratra ireo Fikambanan'ny Firaisamonim-pirenena (OSC) izay manao sonia ity fanambaràna ity, manoloana fironana toa manome vahana ny fitohizan'ny fomba tranainy fa tsy ny fiovana andrasan'ny vahoaka. Na dia azo takarina aza ny hamehana ny fanapahan-kevitra raisina ho fitohizan'ny asa fanompoam-bahoaka sy ny fanatanterahana ireo adidy iraisam-pirenena sasantsasany, dia tsy tokony hovaina ho fialan-tsiny na hoenti-manamarina velively izany hamehana izany mba hanadiovana na hanohizana ireo fomba fanao tsy mendrika nitranga tany aloha.

## Famantarana mampanahy amin'ny fitohizan'ny fomba taloha

Mahatsapa ny olom-pirenena, izay nametraka fanantenana lalina amin'ny fiovana, fa miamaro ireo famantarana miseho tsy firarahiana ny teny iarahana sy ny fangaraharana :

- Fanapahan-kevitra lehibe raisina irery, toy ny fanendrena ny governemanta sy ny famelabelarana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana (PGE) nefa tsy nisy fifampidinihana tamin'ireo hery velona rehetra eto amin'ny firenena.

- Famantarana mampiahiahy amin'ireo raharaha tena saro-pady, indrindra ny fanambaràna nataon'ny mpanolotsaina iray ao amin'ny Birao Ifotony ho amin'ny Fanavaozana (Refondation) fa dinihina ny fivarotana ny tahirin-kazo manitra (bois de rose) mba hanamafisana ny tetibolan'ny fanjakana. Mifanohitra tanteraka amin'ny fandraràna napetraky ny CITES nanomboka 2013 izany, ary mety hanao ara-dalàna ny fandripahana ny harena voajanahary nandritra ny taona maro.

- Famoahana gadra sy tsy famaizana jiolahy politika amin'ny fomba tsy mazava sy tsy mangarahara, ka mampiteraka fahatsapana tsy rariny sy tsimatimanota.

- Fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana mbola manankery, ohatra amin'ny fandefasana filazana fisokafan'ny fifaninanana ho amin'ny toeran'ny

Lehiben'ny Faritra, izay tokony hofidiana.

Ireo tranga ireo dia mampametraka fanontaniana fototra :
**Nanova endrika fotsiny ve isika, nefa mbola mitahiry ny fomba ratsy taloha ihany ?**
**Ho very maina ve ny sorona nataon'ny tanorantsika ?**

## Tsy hisy vokany ny Tetezamita tsy voafehy

Ny fahefana ankehitriny, izay nipoitra avy amin'ny fidiran'ny tafika sy nohamafisin'ny didy n°13-HCC/D3 an'ny Fitsarana Tampony momba ny Lalàmpanorenana, dia tsy afaka hanolo ny fiandrianam-bahoaka. Tafiditra amin'ny vanim-potoanan'ny Tetezamita i Madagasikara. Kanefa, ny Tetezamita mendrika sy mandry fehizay dia mitaky fitsipika mazava eken'ny rehetra :

- Fe-potoana voafaritra sy tsy azo lavina.
- Rafitra ara-dalàna sy mirindra, ary ahitana solontena isan-tsokajiny.
- Fomba iarahana amin'ny lalana hoan'ny fanavaozana sy fanomanana fifidianana malalaka sy mangarahara.

## Antso avo

Manoloana ny maha-maika ny toe-draharaha dia miantso ny andraikitr'olon-drehetra izahay :

#### Ho an'ny mpitantanana ny Tetezamita ankehitriny

Aza manary ny fanantenana lehibe napetraky ny vahoaka anareo. Ny tena maika indrindra dia ny hanombohana avy hatrany ny fifampidinihana mialoha mba hamaritana sy handrafetana ny Tetezamita, araka ny tolo-kevitra efa nataonay. Izany ihany no fomba hahazoanareo ny fahamarinan-toerana sy ny fahatokisan'ny vahoaka.

#### Ho an'ny FFKM

Voatendry ara-pomba ofisialy ianareo hitantana ny fifampidinihana nasionaly. Mangataka izahay mba hazavainareo ampahibemaso, tsy misy hatak'andro, ny fomba fiasa, ny fandaharam-potoana ary ny antoka fiandrianan-tena sy fandraisana anjara faobe amin'io dingana io. Zava-dehibe sy manan-tantara ny anjara asanareo amin'ny fanelanelanana.

#### Ho an'ny hery velona rehetra eto amin'ny firenena sy ny olom-pirenena rehetra

Aoka isika hitoetra ho mailo, hifantoka ary hanohy ny ady ho amin'ny mangarahara sy ny fanovana. Tsy ho tanteraka ny fiovana raha tsy isika rehetra no mitondra azy.

Manamarika izahay fa vonona hanome fanohanana ara-teknika mba hiantohana ny mangarahara, ny fandraisana anjara ary ny fahombiazan'ity dingana ity. Efa natolotra ny manampahefana ny tondro ombam-pehezina (termes de référence).

**Mijery antsika ny Tantaran'ny firenena. Aza avela ho diso fanantenana ny hoavintsika.**

**Ny fikambanana manasonia**

Alliance Voahary Gasy

BIMTT

CCOC

Hetsika Rohy

Liberty 32

MSIS Tatao

ONG Ivorary

ONG Ravintsara

PFNOSCM

SIF